


Ity orinasa Miary ity irery ihany no nampiasa ny volany nananganana io fotodrafitr'asan'ny Filoham-pirenena, na dia tsy izy no nahazo ny tsena (*"Marché"*).

Dia tena mafy mihitsy ve izany te-hanan-karena izany ka na ny fotodrafitr'asan'ny Filoha (*« projets présidentiels »*) avy no ahitan'ny sasany tetika tsy takatry ny saina azoana ny tsena (*« marché »*) dia avy eo hamadiana ny tena nanao ny asa. Araho ny tantara fa raha ny fehiny aloha dia ny Filoha Andry Rajoelina hatrany no lasa fitaovana hampanan-karena ny sasany amina fomba efa tamin'ny andron'ny Jodasy ao anaty Baiboly…

Maro dia maro ireo fotodrafitr'asan'ny Filoha manerana an'ity Madagasikara ity. Nahazo ny anjarany koa ny tananan'i Vatomandry ary *« Lycée agricole »* ny azy. Isika miteny izao dia vita ary mitsangana soa aman-tsara io foto-drafitr 'asa io ka ny voalohan'ny volana desambra 2020 no vita ny nandraisana azy (*« réception »*). Manomboka eo izany dia tsy misy nidiran'ny fanjakana intsony fa ny an'ny DGPP (*« Direction générale des projets présidentiels »*) dia vita ny asa ary voaloha ny vola. Teo kosa anefa no nanomboka ny fahorian'ny orinasa tena nanamboatra azy. Fa inona ity tantara ity ?


ETANCO
Société Etancheité et Construction
LOT C 1 D BIS Ambohinaorina SABOTSY NAMEHANA
Antananarivo 103
Madagascar (Antananarivo I / Analamanga)

Personnes Ressources

Yvonne Navoko **Rakotomahefa**
Gérante de Société
Tél. [redacted]
portable: [redacted]
courriel: [redacted]
courriel2: [redacted]

Partenaires associatifs: Aquassistance
Activités: Entreprise de construction générale basée à Antananarivo. Travaux d'hydraulique villageoise avec accompagnement / sensibilisation des populations sur le volet social et hygiène et santé. ;
Cette entreprise assure aussi la formation des comités de gestion et la sensibilisation à l'hygiène des populations

Taorian'ny antso asam-panjakana (« *Appel d'offres public* ») dia ny Entreprise Etanco no nahazo ny tsena na « *marché* ». Asa orinasa inona loatra ity farany fa dia naka orinasa hafa izy hanatanteraka ny fanamboarana ilay « *Lycée agricole* ». Entreprise Miary indray io resahana io. Ilay antsoin'ny mahalala hoe « *sous-traitant* » no nifanarahana. Misy izany aloha ny fifampinamanana sy fifampitokisana matoa raikitra ilay izy. Inona moa izany fifanarahana raikitra izany ? Nilaza ny Entreprise Etanco fa hoe tsy manam-bola (?) ka ny Entreprise Miary no hanaganana ilay « *Lycée agricole* » ao Vatomandry. Ka rehefa azo ny vola dia haveriny ny lany ary ny tombony kosa dia hifampisasahana.




Araka ny voalaza etsy ambony dia ny alakamisy 3 desambra 2020 no natao ny fandraisana ara-pomba ofisialin'ny asa vita (« *réception officielle des travaux* »). Fa talohan'izay dia nisy tranga iray noheverina fa « nety » kanefa fototry ny tohin'ny tantara. Vao ny tafo fotsiny no tafapetraka (mazava fa vita ny fototra sy ny rindrina) dia nilaza tamin'ny Entreprise Miary ny Entreprise Etanco fa efa azo ny vola ( ?). Ary dia naveriny tokoa ny vola rehetra nampiasana tamin'ny fanangana saingy tsy tadifitra tao ny tombony ( « *bénéfices* » ) hatramin'izao hanoratana izao. Inona moa no niafarany fa dia nifampitory ireo hoe « mpinamana mifampahatoky » ?

Ka na dia tsy misy hidiran'ny DGPP intsony ilay resaka dia mba manaitra ny tompon'andraikitra ao ihany amin'izao zavatra manaraka izao : orinasa milaza fa tsy manam-bola ve dia amin'ny fomba ahoana no nahazoany ny tsena ? Ny asa mbola tsy vita akory dia amin'ny fomba ahoana koa no nafahan'ny banky (satria any no maka vola fa tsy ao amin'ny Prezidansy) namoaka vola be ho an'ny Entreprise Etanco ?



**ONU New York, avrily 2021. Atoa Laza Andrianirina nanadray fitenena tamin'ilay atrik'asa momban'ny ady amin'ny kolikoly maneran-tany : "***« Mon Gouvernement met en place des procédures innovantes pour déraciner ce fléau, en tenant compte des trois piliers que sont l'éducation, la prévention et la lutte », hoy izy.*

Noho ireo tranga roa tsy mazava ireo (orinasa tsy manam-bola nahazo tsena sy banky namoaka vola nefa tsy vita akory ny asa) dia mitodika ho azy any amin'Andriamatoa Laza Andrianirina, Tale jeneralin'ny Bianco, izay avy nanatrika vaotsy ela atrik'asa mikasika ny ady amin'ny kolikoly tao amin'ny Firenena Mikambana ao New York : fotodrafitr'asan'ny Filoham-pirenena no voaresaka eto. Na tiana na tsy tiana mamofom-pofona kolikoly io nanamboarana ny *« Lycée agricole »* ao Vatomandry io. Ary mino izahay fa tsy io ihany fa tena atao fitaovana hampanan-karena tmpoka mihitsy ny Filoha Rajoelina, araka ny lohateninay.

Aza miandry tranga hafa tsy voafehy intsony ka hanomezana tsiny ny hafa lava izao fa jereo akaiky io resaka *« Lycée agricole »* ao Vatomandry io ary indrindra indrindra, araho akaiky dia akaiky ny resaka tsenam-panjakana *(« marchés publics »*) eto Madagasikara. Raha tsy mahavita izany ianao, manana fahendrena mametraka fialana fa tsy ho fahanana fialana bala toan'ny Dg sasany tsy mampamiratra ny tokan-tranon'ny Malagasy aman'arivony eto Iarivo fotsiny. Izao mantsy no voalazan'Andriamatoa ampahibemaso tao amin'ny Firenena Mikambana. Tsy misy mampiasa teny malagasy ny aho ka ity ny teny frantsay nampiasainy :
*« Mon Gouvernement met en place des procédures innovantes pour déraciner ce fléau, en tenant compte des trois piliers que sont l'éducation, la prévention et la lutte »*. Ampiaro amin'izay ary, Tompoko, tsy ho *« théorie »* fotsiny ihany. Sa tsy izany leiretsy ?

**Jeannot Ramambazafy**